

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 031

**autorisant l'adhésion de Madagascar à la Convention des Nations Unies
sur les Contrats de Vente Internationale de Marchandises (CVIM)
ou Convention de 1980**

EXPOSE DES MOTIFS

La Convention des Nations Unies sur les Contrats de Vente Internationale de Marchandises (CVIM) ou la Convention de 1980 a été adoptée par 71 Etats dont la majeure partie ont une importante activité commerciale.

La CVIM fournit un cadre uniforme, moderne et équitable pour les contrats de vente de marchandises à caractère international et s'applique à chaque fois qu'un contrat de vente soit conclu entre les parties ayant adhéré à la dite Convention à moins qu'elles en décident autrement et ceci en vertu du principe de la liberté contractuelle.

Elle permet l'élimination des obstacles juridiques sur les échanges internationaux et favorise le développement du commerce international.

Le caractère universel de la CVIM influence également l'interprétation pouvant être opérée comme le prévoit l'article 7 qui renforce le caractère neutre du texte et qui permet aussi d'accroître la confiance des opérateurs commerciaux dans son application.

Pour Madagascar, des avantages peuvent en être tirés partant du fait que cette Convention constitue le renforcement du cadre juridique pour le commerce international et aussi l'amélioration de notre image vis-à-vis des opérateurs et partenaires commerciaux au niveau international car les termes de cette Convention fournissent une réglementation moderne et efficace du droit du commerce international. Elle stimule le développement du commerce et fait accroître le flux des échanges internationaux.

L'adhésion de Madagascar à cette Convention témoigne de notre volonté à accroître notre rôle au niveau du commerce international et à respecter les obligations qui en découlent.

Cette Convention contient des dispositions visant à garantir une interprétation uniforme des règles visées et même par des jurisprudences.

La CVIM est applicable aux contrats de vente internationaux de marchandises, car en ce qui concerne les contrats domestiques, seuls les réglementations nationales sont applicables.

La CVIM régit les ventes internationales de marchandises entre entreprises privées, à l'exclusion des ventes aux consommateurs, des ventes de service et des ventes de certains types particuliers de biens.

Elle s'applique aux contrats de vente de marchandises entre parties ayant leur établissement dans des Etats contractants différents ou lorsque les règles du droit international privé mènent à l'application de la loi d'un Etat contractant. Elle peut aussi s'appliquer lorsque les parties en font les choix délibéré.

Certains aspects des ventes internationales de marchandises, tels que la validité des contrats et l'effet qu'un contrat puisse avoir sur la propriété des marchandises vendues, n'entrent pas dans le champ d'application de la Convention.

Cette Convention contient des dispositions sur la formation des contrats. Elle traite de l'obligation que le vendeur doit assumer pour la livraison des marchandises, marchandises devant respecter la quantité et la qualité déterminées par les exigences du contrat, la date et le lieu indiqués, ainsi que la remise des documents s'y rapportant.

Elle régit les obligations de l'acheteur, notamment, l'obligation de payer le prix convenu et le fait de prendre livraison des marchandises.

La Convention régit également le transfert des risques et contient des dispositions communes aux obligations respectives du vendeur et de l'acheteur, notamment, concernant le non respect anticipé des termes du contrat, les dommages et intérêts et l'exonération des obligations nées du contrat.

Ainsi, l'on constate que cette Convention constituée de quatre parties et de 101 articles forme un corpus détaillé de règles juridiques régissant la formation de contrats de vente internationale de marchandises :

- la première partie traite du champ d'application et renferme les dispositions générales ;
- la deuxième partie est consacrée aux règles régissant la formation des contrats de vente internationale de marchandises ;
- la troisième partie traite des obligations du vendeur et de l'acheteur parties au contrat ;
- la quatrième partie comprend les dispositions finales et est consacrée à

l'entrée en vigueur de la Convention, aux réserves et déclarations autorisées, à l'application de la Convention même dans les cas où les Etats intéressés ont une législation identique ou similaire à cette Convention.

Etant donné que l'amélioration de l'instrument juridique du commerce international à Madagascar figure parmi nos activités prioritaires, il nous est opportun d'adhérer à cette Convention qui constitue un instrument de plus pour renforcer notre législation en matière commerciale car notre but c'est de concrétiser les objectifs fixés par le Madagascar Action Plan (MAP) et le fait d'avoir des instruments juridiques fiables met en confiance les investisseurs, qu'ils soient nationaux ou étrangers.

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LOI n° 2008 - 031

**autorisant l'adhésion de Madagascar à la Convention des Nations Unies
sur les Contrats de Vente Internationale de Marchandises (CVIM)
ou Convention de 1980**

Le Sénat et l'Assemblée Nationale ont adopté en leur séance respective en date du 05 décembre 2008 et du 17 décembre 2008 la Loi dont la teneur suit :

Article premier.- Est autorisée, l'adhésion de Madagascar à la Convention des Nations Unies sur les Contrats de Vente Internationale de Marchandises.

Article 2.- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 17 décembre 2008

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE PRESIDENT DU SENAT,

Jacques SYLLA

Yvan RANDRIASANDRATRINIONY

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA-2008 - 031
manome alàlana an'i Madagasikara hirotsaka ho mpikambana ao amin'ny
Fifanarahana Iraisaim-pirenena ara-barotra mahasahana entam-barotra

FAMELABERALANA NY ANTONANTONY

Ny Fifanarahana Iraisaim-pirenena ara-barotra mahasahana entam-barotra dia fantatra fa efa iraika amby fitopolo ny isan'ireo Firenena efa na nkato azy ka izy ireo dia Firenena manana sehatra ara-barotra goavana.

Ity Fifanarahana ity dia hametraka rafitra tokana iombonana manara-penitra ary mampitovy lanja ny fifanekena ara-barotra iraisaim-pirenena ka mahasahana entam-barotra ary ampiharina eo amin'ireo olona manao fifanekena amin'ny fotoana rehetra anaovany izany raha an'isan'ny nankato ity Fifanarahana ity ny tany nihaviany ary raha tiany hampihatra izany, raha tsy hoe angaha tsy misafidy izany izy fa misafidy fomba fifanarahana hafa. Izany no atao dia ho fitandrovana ny fitsipika mifehy ny fifanekena, dia ny fahalalahana.

Ity Fifanarahana ity dia afaka manafonana ireo sakana voafetran'ny lalàna eo amin'ny fifanakalozana ka hampiroborobo ny sehatra ara-barotra iraisaim-pirenena.

Araka ny voalaza ao amin'ny Fanamby faharoa ny Teny ifanomezana fahenina ao amin'ny Madagasikara Amperin'Asa ny amin'ny fametrahana tontolon-dalàna voaaro ahafahana mampivoatra sy misintona ny Fampiasam-bola mivantana avy any ivelany ary koa hanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana.

Io Fanamby io dia mitsinjo ny hamoronana lalàna vaovao momba ny fandraharahana. Ireo lalàna vaovao ireo dia entina hanamorana ny paikady ary hanome hevi-baovao ho fanoitra hisintonana ireo mpampiasa vola vahiny lehibe sy hampaherezana ireo indostria eto an-toerana ka hahatonga an'i Madagasikara ho sehatra manatombo amin'ny lafiny fandraharahana aty amin'ny faritry Afrika sy ny faritry ny ranomesim-be Indiana.

Ity Fifanarahana manana endrika iraisaim-pirenena ity dia hisy fiantraikany amin'izay fandikana ilaina ka azo ampiasaina araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-fito izay manamafy ny maha tsy momba ny atsy na ny aroa ity lalàna iraisaim-pirenena ity ka hampitombo ny fitokian'ireo mpandraharaha ara-barotra ny fampiharana azy.

Ho an'i Madagasikara manokana dia betsaka ny tombontsoa raha tsy hiteny afa-tsy ny fanamafisana ny sehatrin'ny lalàna mifehy ny varotra iraisaim-pirenena

ary koa ny fanatsarana ny endrik'i Madagasikara amin'ireo mpandraharaha sy ireo mpiara-miombon'antoka eo amin'ny sehatra ara-barotra iraisam-pirenena satria ireo izay voalazan'ity Fifanarahana ity dia manome fomba vaovao sy mahomby ho an'ny sehatry ny lalàna ara-barotra iraisam-pirenena.

Ity Fifanarahana ity dia fanoitra eo amin'ny sehatra ara-barotra ary koa hampitombo sy hanome tosika ny fifanakalozana ara-barotra iraisam-pirenena.

Ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao amin'ity Fifanarahana ity dia manaporofy ny finiavana hampitombo ny andraikitra ho tanana en anivon'ny sehatra ara-barotra iraisam-pirenena sy hanaja ny andraikitra aterak'izany .

Ity Fifanarahana ity dia ahitana andininy mikendry ny hanaovana dika mitovy ireo fepetra voalaza ka izany dia amin'ny alalan'ny fampiharana ireo didim-pitsarana mahasahana raharaha miseho teo aloha ka ampiasaina ho maharitra.

Ny Fifanarahana dia mihatra amin'ny fifanarahana ara-barotra iraisam-pirenena mahasahana entana, satria ho an'ny fifanarahana anatin'ny dia ny lalàna eto an-toerana no ampiasaina.

Ny Fifanarahana dia misahana ireo varotra iraisam-pirenena mahasahana entana ifanarahana ny orin'asan'olon-tsotra, ka tsy ao anatin'izany ny varotra amin'ny mpanjifa, ny fivarotana tolotr'asa, ary koa ny fivarotana fan anana sasantsasany mana-tsokajy hafa ankoatra ny entana.

Ity Fifanarahana ity dia mihatra amin'ireo fifanekena mahasahana entan-barotra ifanaovan'ny olon-tsotra manana toeram-pandraharahana ao anatin'ny Firenena samy hafa nanaiky ny Fifanarahana na koa raha ohatra ka misy fiantefany any amin'ny fifanekena ny maha-voatery hampiasana ny lalàna anatin'ny ananan'ny Firenena iray anisan'ny mpifanaraka.

Azo ampiharina koa izy raha manaiky ankalalahana ny hampiharana ny Fifanarahana ny mpifanaiky. Ny endrika hafa mahakasika ny entana namidy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, tahaka ny mampanan-kery ny fifanekena nifanaovana sy ny mety ho fiantraikan'izany eo amin'ilay entana namidy ka lafo (ohatra : fahasimbana, fahaverezana) dia tsy tafiditra amin'ny fampiharana ity Fifanarahana ity.

Ity Fifanarahana ity dia ahitana ireo andininy mamehy ny fomba fanaovana ireo fifanekena. Misahana koa izy ny andraikitra tokony hananan'ny mpivarotra eo amin'ny fanaterana ny entana ka ireo entana ireo dia tokony hanaja ny fatra sy ny kalitao voafetra amin'ny takin'ny fifanekena nifanaovana toy ny fotoana sy ny toerana voatondro ary ny fanolorana ireo antontan-taratasy mifandraika amin'izany.

Ity Fifanarahana ity dia manasongadina ihany koa ny andraikity ny mpividy, fa indrindra ny fandoavana ny vola vidin'entana nifanarahana ary ny tsy

maintsy handraisany ny entam-barotra.

Ity Fifanarahana ity dia mandrindra ihany koa ny famindrana ny mety ho fiantraika ratsy ary ahitana andininy iraisana mahasahana ny andraikitra itambarana iarahan'ny mpivarotra sy mpividy, indrindra ny amin'ny tsy fanajana alohan'ny fotoana sahady ny voalazan'ny fifanekena..., ny onitra sy ny fanafoanana ny mety ho andraikitra ateraky ny fifanekena.

Amin'izany rehetra izany dia hita fa ity Fifanarahana ity izay misy fizarana efatra sy andininy iraisana amby zato dia mamehy amin'ny antsipiriany ny fehezandalàna misahana ny fivarotana entana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ;

- ny fizarana voalohany dia mamaritra ny fomba fampiharana sy mamehy ireo andininy ankapobeny ;

- ny fizarana faharoa dia milaza ireo fepetra mahasahana ny fomba anaovana ny fifanekena mikasika ny fivarotana entana eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ;

- ny fizarana fahatelo dia milaza ireo andraikitra ny mpivarotra sy mpividy nifanaiky ;

- ny fizarana fahaefatra dia misy ireo andininy mifandraika amin'ny fidiran'ny Fifanarahana hanan-kery, ny amin'ny fepetra fiaro, ny fanambarana azo atao, ny fampiharana ny Fifanarahana raha sendra manana lalàna mitovy endrika na mifanahantsahana amin'ity Fifanarahana ity ny firenena voakasik'izany.

Koa satria anisan'ny laharam-pahamehana ho an'i Madagasikara ny fanatsarana ny lalàna momba ny varotra iraisam-pirenena, dia tonga izao ny fotoana hirotsahana ho mpikambana amin'ity Fifanarahana ity izay fitaovana hanamafisana ny lalàna mifehy ny varotra ankoatr'ireo efa misy satria ny tanjona dia ny hahatrarana ny voaraikitra ao anatin'ny Madagasikara Amperin'Asa ka ny fananantsika lalàna azo antoka dia hampisy ny fahatokisana amin'ireo mpamatsy vola Malagasy sy vahiny.

Izany sy izany no antonanton'ity Lalàna ity.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

LALANA LAHARANA FAHA-2008 - 031

**manome alàlana an'i Madagasikara hirotsaka ho mpikambana ao amin'ny
Fifanarahana Iraisaim-pirenena ara-barotra mahasahana entam-barotra**

Nolanian'ny Antenimierandoholona sy ny Antenimierampirenena tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-05 desambra 2008 sy ny faha-17 desambra 2008 izao Lalàna manaraka izao :

Andininy voalohany- Manome alàlana an'i Madagasikara hirotsaka ho mpikambana eo amin'ny Fifanarahana Iraisaim-pirenena ara-barotra mahasahana entam-barotra.

Andininy faha-2.- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Ho tanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-17 desambra 2008

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA, NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA,

Jacques SYLLA

Yvan RANDRIASANDRATRINIONY